# Ilay Voa Tsara Nafafy 10 Martsa 2019

**10** **Alahady**
marsa

***(Hoy Jesosy :)*** **Ny tena mpivavaka, hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana ; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy ; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana.** Jaona 4. 23, 24

**Ry Ray tia anay !**

*Ny fitiavanao, Andriamanitra ô, no mamory anay*
*Manodidina an'i Kristy, ao anatin'ny firaisana ;*
*Avy izahay hiara-mitsaoka Anao*
*Sy hihira ny fahatsaram-ponao lehibe.*

*Ny fikasan'ny fitiavanao midadasika,*
*Hatrizay ka ho mandrakizay,*
*Dia ny hanana olom-boavonjy sy lavorary*
*Any an-danitra, eo anatrehanao.*

*Zava-miafina, izay an'Andriamanitra, momba ny fahasoavana,*
*Ry Ray Izay nitia anay fatratra,*
*Ny hoe nanomana toerana ho anay Ianao,*
*Ao anatin'ny fahasambaranao mihitsy.*

*Ny fiadananao, ireo zava-tsoanao, ny lanitrao, ny voninahitrao :*
*Nomenao izany tamin'ny alalan'i Jesosy.*
*Tsy ho ela dia hakarina ho eny aminy izahay,*
*Rehefa mahare ny hiakam-pandreseny !*

*Dera ho Anao avy etỳ an-tany,*
*Haja any an-danitra, ary ho mandrakizay.*
*Voninahitra ho an'ny anaranao, ry Andriamanitra Rainay !*
*Voninahitra ho an'ny fitiavanao mahatalanjona !*